Distrikan'Ankazobe 6

**Mbola miisa 8 ireo olon-tsotra tazonin'ny dahalo**

Depiote TIM Rodin Rakotomanjato 2

**Nanolotra dabilio tamin'ny fokontany 6 ao Ambatomirahavavy**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)


Raharaham-pirenena 3

**Hafana ny sehatra politika amin'ity herinandro ity**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Talata 12 desambra 2023 Laharana 1506 Vidiny : 600 Ar


12 desambra. Filoha Marc Ravalomanana 2

## Happy birthday to you Mister President




Fiandrianam-pirenena 2

## Miditra amin'ny vanim-potoanan' ny "manary ny hita" ny Malagasy



Mpanao gazety Gasikara Fenosoa 3

## Naharitra ora 7 sy sasany teo ny teny Fiadanana



Tolo-dalàn'ny zon'ny mpamorona 3

## Lany, hevitry ny be sy maro io hoy i Rossy nanolotra azy



**Rugby** 6

Ny SCB sy FTFA ary ny Cosfa sy USCAR no hiatrika ny famaranana

**Kolontsaina** 6

Fantaro ny dihy « Kadrila malagasy »

**Daka kely**

Jiron'olona leisy ry Boaikely zaraina fa tsy jiron'akoho a !

**12 DESAMBRA. FILOHA MARC RAVALOMANANA**

# Happy birthday to you Mister President




*Ny filoha Marc Ravalomanana, hiasa hoan'ny vahoaka tsy ankanavaka hatrany.*

Mitsingerina androany 12 desambra ny nahaterahan'ny filoha Marc Ravalomanana, tamin'ny 12 desambra 1949. Arak'izany, feno 74 taona androany ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), izay efa filohampirenena nitondra an'i Madagasikara: ny 6 mey 2002 ka hatramin'ny 17 martsa 2009. Manambady izy, Lalao Ravalomanana no vadiny, vita mariazy izy ireo tamin'ny taona 1974, niteraka 4 mianadahy dia Sarah Ravalomanana, Josoa Ravalomanana, Tojo Ravalomanana ary Maika Ravalomanana. Efa manan-jafikely ihany koa ny filoha Ravalomanana amin'izao fotoana. Ankoatra ny maha-mpanao politika azy, mpandraharaha ara-toekarena koa izy, izy no filoha mpanorina ny orinasa Malagasy Tiko sy Magro, orinasa Malagasy manana ny maha-izy azy hatramin'izao, na eo azan y antsojay mahazo azy ireo noho ny resaka politika sy ny fialonana, fialonan'ny Malagasy toa antsika ihany, sy fialonan'ireo mpandraharaha vahiny sasany monina sy miasa eto amintsika. Noho ny olana lalina ara-politika, sy ara-toekarena ary aratsosialy misy eto Madagasikara amin'izao fotoana, misy ny hafatra ho an'ny vahoaka Malagasy tsy ankanavaka avy amin'ny filoha Marc Ravalomanana, sy noho izao tsingerin-taonany izao koa:

"Ry Vahoaka Malagasy Vokatry ny fifidianana natao amboletra sy natao an-kerisetra, nandona sy nampianjera ny fitokisan'ny maro an'isa, dia ireto no mitranga:

- Feno fanahiana ny amin'ny hoaviny ny olona.
- Manahy ny amin'ny fitotonganan'ny fiainan'ny toekarena ny mpandraharaha.
- Matahotra ny hiaina izay ratsy efa niainany ny tantsaha.
- Matahotra ny amin'izay ho fivelomany ny olona.
- Miahiahy ny amin'ny hahavery zo azy ny tena Malagasy.

Satria tsy ho afaka ny hiaro azy akory ilay Filoha natao letrezana, fa efa tsy Malagasy intsony.

Noho izany ry Malagasy mpiray tanindrazana, zaraiko aminareo ireto hafatra ireto:

***Hafatra ho an'ny Antoko:***

Lohalaharana amin'ny fanarahana sy ny fanentanana amin'ny fiainana politika ny Antoko. Fotoana izao hampihàrana ny tapaka tamin'ny fameloma-maso nataontsika. Koa manainga ny tomponandraikitra isan'ambaratonga sy ny mpikambana rehetra handray ny andraikitra tandrify ny tsirairay.

***Hafatra ho an'ny vehivavy:***

Ny Reny no fototry sy taratry ny firenena. Koa lohalaharana ny vehivavy amin'ny ady ataontsika satria misy fiantraikany amin'ny isan-tokantrano ny fahombiazana amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena. Entano àry ny vehivavy toa anao hiaraka hijoro handray andraikitra.

Hafatra ho an'ny Tanora: Ry tanora, raiso an-tanana ny hoavinao. Entano ny tanora toa anao hiasa miaraka hahatratrana ny tanjona. Aza sodokan'ny fampanantenana sandoka avy amin' olona tsy mitombina amin' ny rariny. Mijoroa miatrika ny hoavinao!

***Hafatra ho an'ny Tantsaha:***

Isika tantsaha no ianteherana amin'ny famokarana. Koa entano ny tantsaha namana rehetra hiara-hijoro hitaky ireo ilaina rehetra (fotodrafitrasa, fandriampahalemana, masomboly, fitaovana, sy ny sisa...) hahafahana mihary sy mamokatra ampitoniana sy am-pilaminana.

***Hafatra ho an'ny sehatra tsy miankina:***

Aoka izay ny ampihimamba na ny « monopole ». Aoka izay ny fanagiazan'ny olom-bitsy ny fandraharahana sy ny harem-pirenena. Aoka izay ny fibodoan'olona iray mibaiko ny Fanjakana hanangona ny loharanonkaren'ny Malagasy.

Takio ny fametrahana fitsipi-dalao mazava hisian' ny fitovian-jo, hahafahan'ny orinasa malagasy miasa an-kalalahana ao anatin'ny mangarahara, lavitra ny kolikoly.

***Hafatra ho an'ny firaisamonim-pirenena:***

Ankasitrahana ny ezaka sy ny asa efa nataonareo. Fa mbola tsy tratrantsika ny tanjona, koa andeha isika hifanome tanana amin'ny herivelona rehetra eto amin'ny firenena hiara-hiady ho an'ny tombontsoam-pirenena sy ho an'ny vahoaka Malagasy. Hiaraka hijoro hatrany isika ho manda hiarovana ny marina sy ny rariny.

Hafatra ho an'ny Mpiasampanjakana

Ianareo mpiasampanjakana no mampandeha na tsy mampandeha ny raharaham-panjakana. Mijoroa ka aza manaiky ny tsy rariny miharitra ny fitotongan'ny fiainam-pirenena. Mijoroa, hiaraka isika ka isika no hanapaka ny hoavin'ny Firenena. Raiso ny fanapahan-kevitra, ndeha hiara-hiady hanala ny tsy mampandroso isika!

***Hafatra ho an'ny avarapianarana***

Mijoroa hanavotra ny firenena. Aoka tsy hiharitra ny fiforetana anaty ianareo (frustration), ndeha hivondrona hampandroso sy hanavotra marina ny Firenena.

***Hafatra ho an'ny Foloalindahy***

Ianareo sisa no mitana ny lakilen'ny fanavotana. Tsy afaka handroso isika raha tsy miaraka amin'ny Vahoaka ianareo. Miantso anareo izahay mba handray anjara amin'ny fampandrosoana miaraka ny Firenena.

Homba antsika Andriamanitra!"

***Isambilo***

## *Ny Valosoa sy fakafaka*

### Fiandrianam-pirenena

### Miditra amin'ny vanim-potoanan'ny "manary ny hita" ny Malagasy

Sakano tsy hiditra amin'ny vanim-potoana manary ny hita isika Malagasy. Tamin'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantany, ny 1896 hatramin'ny 1960, dia fantatra fa anisan'ireo nataon'ny tia tanindrazana tao anaty haisorany ny amin'ny atao hoe "mitady ny very". Vanim-potoana izay nampahafantarina ny mpianatra io any an-dakilasy amin'ny taranja malagasy. Ao anatin'ny very ny fiandrianam-pirenena ankoatra ny soatoavina maha malagasy izay noezahin'ny mpanjanatany frantsay nopotehina sy nofongorina tsy ho fantatry ny taranaka aty aoriana. Tsy afa-nihetsika ny tia tanindrazana sy izay te hiaro ity firenena ity tamin'izany fanaziogan'ny mpanjanatany frantsay izany.

Nanomboka ny taona 1960, rehefa niverina ny fahaleovantena, dia nanomboka hita ihany koa ny very. Azo lazaina ho nanana ny fiandrianam-pireneny i Madagasikara na dia fahaleovantena tsy feno tanteraka aza no azo. Iaraha-mahalala tsara izany noho ny fahitana ny zava-nisy. Noezahina nofenoina araka ny fivoaran'ny tantara izany, kanefa mbola tao ambadika hatrany ny dian-tanan'ilay mpitondra frantsay mpanjanatany niaraka tamin'ny mpanao politika maloto teto izay nokolokoloiny hiaro ny tombontsoan'ny Frantsa eto. Vao mainka mihamafy sy miharihary izany ankehitriny satria fanta-poko, fantapirenena izao, fa olon'ny frantsay, mizaka ny zompirenena frantsay tamin-kitsim-pony no manao amboletra mitondra ny firenena. Miharihary ny famoretana sy fanagejana ny vahoaka, indrindra ireo olom-pirenena tia tanindrazana mitarika hetsika samihafa avy amin'ny sehatra samihafa: orinasa, toeram-pitsaboana, fampianarana, sns… hatramin'ny mpanao gazety. Mazava loatra, tsy misy adi-hevitra, fa endri-panjanahana tanteraka izany saingy ny mahasamihafa azy tamin'ny an'ny fotoan'androny, Malagasy mihitsy no mamoritra ny mpiray tanindrazana aminy. "Endri-panjanahantany maoderina", hoy ny namana izay. Ny manahirana ny saina sy manorisory tanteraka ny olom-pirenena, dia ilay efa hita dia very indray. Ary tsy very amin'izao fotsiny fa niniana nariana mihitsy, "manary ny hita". Tsy ny vahoaka manontolo maro an'isa anefa no nanao izany, fa olom-bitsy ihany, izay mihazom-pahefana sy manana ny hery. Miditra amin'ny vanim-potoanan'ny manary ny hita ny firenena ankehitriny. Nariana mantsy ilay fiandrianam-pirenena madio, fa raha misy dia mifangaro tsindry frantsay. Miditra vanim-potoanan'ny fiforetana anaty ihany koa toy ny tamin'ny fotoan'androny ny Malagasy amin'izao fotoana izao, satria te haneho hevitra mafy, te hitroatra mafy fa tsy ekeny ny hoe Vazaha frantsay no mitondra ny firenena, kanefa voageja sy voafatotry ny herim-pamoretana vaovao ihany koa.

***Sôh'son***

Depiote avy amin'ny TIM Rodin Rakotomanjato

# Nanolotra dabilio tamin'ny fokontany 6 ao Ambatomirahavavy

Manampy ny fokonolona amin'ny sehatry ny fampianarana koa, ny depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM any Arivonimamo faritra Itasy, Rodin Rakotomanjato. Ny herinandro lasa teo, nanolotra dabilio tamin'ny fokontany miisa 6 ao Ambatomirahavavy ity olom-boafidy ity. Tonga nizara dabilio ho an'ny Zap, na fari-panentanana pedagojika Ambatomirahavavy izy sy ny mpiara-miasa aminy ny sabotsy teo. Fokontany miisa 6 no notolorana izany, dia ny : tao amin'ny Epp Ambohidranomanga, Epp Ivelo, Epp Antanety I, Epp Imeritsiafindra, Epp Ambohibato, ary ny tao amin'ny Epp Antanimarina. Zavadehibe ho ahy ny fanambeazana ny zanaky ny tantsaha, ka izay no mahatonga ahy tsy mitsahatra mizara hoy ny depiote voafidy tao amin'ny distrikan'Arivonimamo avy amin'ny antoko najoron'ny filoha Marc Ravalomanana dia ny antoko Tim. Tafiditra ao anatin'ny tetikasa Ciad izay tantanan'ny depiote izao fanampiana sekoly izao.

***Stefa***



*Ny depiote Rodin, nizara dabilio tao Ambatomirahavavy.*

Ny Valosoa sy hadihady

## Raharaham-pirenena
# Hafana ny sehatra politika amin'ity herinandro ity

Hafana tokoa ity herinandro vaovao ity eo amin'ny sehatra politika politika, satria hiafanandrina ny mpanomana ny fianianan'i Andry Nirina Rajoelina, sy ny mpanohitra rehetra tsy manaiky ny famoahan'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), fa ity kandidà laharana faha-3 ity, izay vazaha taratasy nanary ny maha-Malagasy azy, no lany ho filoham-pirenena hitantana indray an'i Madagasikara mandritra ny dimy taona manaraka. Azo lazaina fa tsy bontolo ny tsy fankatoavana iny voka-pifidianana iny, satria ankoatry ny tsy fahatomombanana maro nandritra ny fanomanana ny fifidianana sy ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana, sy ireo Lalàna manan-kery samihafa dia tsy eken'ny ankamaroan'ny Malagasy ny naha kandidà vazaha frantsay an'i Andry Nirina Rajoelina, sy ny namoahan'ny Hcc azy ho filoha lany. Ankoatr'izany dia latsaka kelin'ny valopolo isan-jaton'ny mpifidy no tsy nandatsabato ho an'i Andry Nirina Rajoelina, izay miteraka tsy fahamarinan-toerany eo amin'ny sehatra politika. Manaporofo izany ny fihetsehan'ny olompirenena maro, ny fiarahamonim-pirenena sy ny raiamandreny ara-drazana ary ny politisiana maro nanambara fa hanao hetsika fanoherana ny fianianana ezahina ho tanterahina ny sabotsy 16 desambra 2023 ho avy izao. Manoloana izany dia mampihorohoro ny mpitondra, indrindra ny herim-pamoretana izay tsy manaiky ary handray fepetra hentitra ho an'ireo hampangainy, fa hanakorontana izany lanonana izany, ka namoahany lalàna fa tsy azo hatao ny manao hetsika politika amin'ity herinandro ity. Tsy takona hafenina avy amin'ny alàlan'ny dokambarotra hatao momba io lanonana io, fa malemy izao fitondrana izao ary matahotra ihany koa fa tsy hisy vahoaka hanatrika izany, ka sintonina amin'ny fanambazana loka amin'ny alàlan'ny « tombola » ireo olona sahirana, ka sao mba hitongilanan'ny vintana ka hahazo môtô, sns,… ka ny ratsy vintana kosa mba ho afaka hijery fampisehoana bôjo. Fihantsiana ary ve no andraisan'ny filoham-panjakana mpisolo toerana ny antso nataon'ny mpitarika ny raiamandreny ara-drazana isaky ny Faritany hanao fikaonandoham-pirenena ny 13 sy 14 desambra 2023 izao entina manohitra ny maha filohan'ny Repoblika an'i Andry Nirina Rajoelina, satria frantsay izy ka tsy azo ekena satria hiverina amin'ny fanjanahantany indray izany ity Firenena ity, hoy izy ireo. Nanambara fa hanohy ny tolona manomboka amin'ity herinandro ity ihany koa ny Vondron'ny kandidà 11, ka ho « tolom-bahoaka » izany satria ny olompirenena tia Tanindrazana valopolo isan-jato mihitsy no tsy manaiky ny naha kandidà an'i Andry Nirina Rajoelina ary mazava ho azy fa amboletra izao hanaovany fianianana amin'ny sabotsy 16 desambra 2023 izao, ka tsy maintsy hampisehoana amin'izao tontolo izao fa manohitra izany ny Malagasy maro an'isa. Tsy azo ekena ihany koa ny fomba fitondran'i Andry Nirina Rajoelina satria zariny iaina amin'ny kisendrasendra ny gasy kanefa izy midedaka fa « tsy maintsy mandroso, hono, i Madagasikara ». Tsy mitsahatra ny mitodika aty Madagasikara mihitsy izao tontolo izao, satria miseho eto avokoa izao tranga rehetra « tsy azo inoana kanefa marina ny fisiany » izao (incroyable mais vrai). Azo inoana fa tsy hisy olompirenena, any amin'ny firenena manerantany, hanaiky olona mizaka zom-pirenena vahiny ho filohan'ny fireneny izany. Araka izany ny gasy, tsy ao anatin'ny fitondrana, manaiky an'i Andry Nirina Rajoelina ho filohan'ny fireneny dia tsarovy fa tsy ho raofiny hiaraka aminy hody any Lafrantsa rehefa ho tonga tokoa ny tokoa, na dia manana ilay karatra miloko volomboasary aza.

***Andry Tsiavalona***

Mpanao gazety Gasikara Fenosoa

## Naharitra ora 7 sy sasany teo ny teny Fiadanana

Mbola nalaina am-bavany teny Fiadanana indray omaly, ny mpanao gazety Gasikara Fenosoa, naharitra ora 7 sy sasany teo izy no tao amin'ny mpanao famotorana teny amin'ny zandary teny Fiadanana. Tamin'ny 4 ora tolakandro vao nivoaka tao amin'ny sampana misahana ny ady heloka bevava tao Fiadanana izy, rehefa nasaina niverina teny an-toerana omaly ary efa tao amin'ny sampana misahana ny heloka bevava ity nanomboka tamin'ny 8 ora sy 45 minitra maraina. « Dossier à transmettre », na halefa eny amin'ny fampanoavana ny raharaha momba azy, raha ny tatitra azo avy amin'ny mpisolo vava Me Eric Rafidison. Nahazo nody ny mpanao gazety Fenosoa arak'izany. Tao anatin'ireo niaraka tamin'i Gascar Fenosoa omaly, ny mpisolovava azy Me Eric Rafidison, sy ny filohan'ny holafitry ny mpanao gazety eto Madagasikara Monica Rasoloarison.

***Ny Valosoa***



*Ny mpanao gazety Gasikara Fenosoa teny Fiadanana (ankavia).*

TONONKALO

## Mba jirom-bazaha fa tsy jiron'akoho e !

Jiron'akoho indray no hamalifaliana
Ireo sarangan'olona izay novidiana ?
Fa angaha dia tsy misy ry filoha vazaha
Ilay mba « jirom-bazaha » ho anay mponina an-tsaha ?

Ny anarany ihany dia efa azo adika
Fa jiron'akoho ka tsy mendrika antsika !
Mba « jiro vazaha » toa anao no zarao
Dia ho faly ny « pokona » hanohana anao !

Ny jiron'akoho, vonjy poritra ihany.
Tsy dia mba mamiratra raha ny hazavany,
Ka aleo hiakatrakatra ny kalitao
Ary « jiro vazaha » re no andeha mba zarao !

…Ny mpitondra lazaina ho « mahavita azy »
Dia izay manafoana ny delestazy,
Mitondra hazavana tsy laitra resena,
Ka tena hampandroso an'ity firenena !

***TSIMIMALO (09-12-23)***

TOLO-DALÀN'NY ZON'NY MPAMORONA

# Lany, hevitry ny be sy maro io hoy i Rossy nanolotra azy




*Ny depiote Rossy, niaro ny tolo-dalàna natolony momba ny zon'ny mpamorona.*

Lany teny anivon'ny Antenimierampirenena omaly, ny tolo-dalàna momba ny zon'ny mpamorona natolotry ny depiote Rahasimanana Paul Bert, na depiote Rossy voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-4 eto Antananarivo. Nambarany fa hevitry ny be sy ny maro hatramin'izay no voarakitra ao amin'io tolo-dalàna natolony io: hevitry ny artista, hevitry ny Antenimierampirenena, hevitry ny Antenimierandoholona,… Natao ho fahefana ara-pitantanana tsy miankina hoy izy no hitantana ny zon'ny mpamorona, satria isaky ny miova ny minisitra dia tadiavin'izy ireny hovaina hatrany ny zavamisy momba io tontolon'ny zon'ny mpamorona io. Tsy mikarakara ny zavatra tokony hataony izy amin'izany hoy ihany ny depiote Rossy. Nambarany fa niara-niasa tamin'ny fitondrana nifandimby izy sy ny mpanakanto, tamin'ny namolavolana izao tolo-dalàna momba ny zon'ny mpamorona izao. Efa lany tetsy Anosikely koa izao tolo-dalàna izao, dia izao niverina nolaniana fanindroany tetsy Tsimbazaza izao. Heverina fa hampiravina ny disadisa eo amin'ny artista sy ny mpanatanteraka amin'izay ny fahalanian'izao tolo-dalàna izao.

***Isambilo***

PRIERE AU SACRE CŒUR




**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Holinirina R.**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Iaviantsoa A.**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, LW

**Nihetsika ireo Malagasy any Frantsa manohitra ny fifidianana natao amboletra teto Madagasikara, manohitra ny filoha vazaha taratasy koa izy ireo.**












**Fandaniana ny tolo-dalàna momba ny zon'ny mamporona natolotry ny depiote Rossy teny Tsimbazaza omaly.**





**Ny dihy Kadrila Malagasy.**





## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva ny aminareo aho noho ny fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo ao amin'i Kristy Jesosy."*

***I Korintiana 1:4***

### AGO FMBB 2023

# Tontosa tamin'ny sabotsy teo



*AGO FMBB teny Mahamasina.*

Tontosa tamin'ny sabotsy 9 desambra teo, tetsy amin'ny Palais des sports Mahamasina ny « AGO FMBB 2023 » notarihan'ny filohany, Ramaroson Jean Michel, izay notronin'ireo ligim-paritra 22 manerana an'i Madagasikara, natrehan'ireo rafitra rehetra ara-panatanjahantena eto anivon'ny firenena toy ny Solontenan'ny Ministeran'ny Tanora sy Fanatanjahantena, ny Komity Olympika, ireo Orinasa mpanohana sy mpiaramiasa. Fotoana nanaovan'ny FMBB : Federasiona Malagasy ny basikety indrindra, ny tatitra ny asa vita nandritra ny Taom-pilalaovana 2023 sy nanaovana ny Tatitra isaky ny Ligim-paritra, ary koa nandraisana fanapahan-kevitra mahakasika ny Basikety mandritra ny taona 2024 ity AGO 2023 ity, ka nahazoan'ny FMBB fankatoavana tamin'ireo ligim-paritry ny basikety baolina indray, tamin'ny asa nosahaniny. Toy izao ny fintina momba ireo teboka notinapaka nandritra an'io AGO FMBB 2023 io : -Haverina ny Fifaninanam-pirenena Sokajy U20 Zazavavy manomboka ny taom-pilalaovana 2024. -Mpilalao miisa 3 isaky ny Sokajy N1A sy N1B ihany no azo alaina ao amin'ny ekipa iray ao anatin'ny taona iray (oh: ekipa N1A GNBC dia tsy afaka hakana mpilalao mihoatry ny 3 ao anatin'ny taona iray, ka rehefa tapitra ny mpilalao 3 mivoaka dia tsy misy ekipa hafa mahazo maka mpilalao ao intsony raha tsy amin'ny taona manaraka indray). Tanjona ny mba tsy haharava io ekipa io noho ny fakana sy fifindrana mpilalao maro ao aminy ao anatin'ny taom-pilalaovana iray. -Fanamafisana ny fanaraha-maso ny fifindrana Klioba ataon'ireo mpilalao, ka apetraka eny anivon'ireo Ligim-paritra tsirairay ny antontan-kevitra mikasika ny mpilalao tsirairay hanamorana ny fanaraha-maso ny fifindrana. -Solontena Ekipa miisa 4 isaky ny Fifaninanam-pirenena no homena ny Ligy Analamanga noho izy manana ny mpilalao betsaka indrindra eto Madagasikara (manodidina ny 50%- n'ireo mpilalao manana Kara-pilalaovana eto Madagasikara). -Tsy maintsy vitaina hatramin'ny Lalao famaranana kosa ireo Fifaninana Rezionaly, mba hahafantarana ny filaharan'ireo Ekipa. -Fametrahana ireo tompon'andraikitra misahana ny hetsika FIBA 3x3 eny anivon'ireo Ligim-paritra miisa 22 ( Youth Leader - Delegué régional 3x3), ka ny Ligy tsirairay avy no manendry azy ireo. -Fanomanana Ekipa isaky ny Ligim-paritra hoan'ny Sokajin-taona latsaka ny 23 Taona Zazalahy. -Fanohizana sy Fanatsarana ny ady amin'ny hala-taona amin'ny alalan'ny fanatsarana ny fomba fiasan'ny BAFA ( Brigade Anti Falsification d'âge). -Fanatsara ny tambazotran-tserasera isaky ny Ligim-paritra, mba hanatsarana ny fampitam-baovao basikety isaky ny Ligy. Fanamarihina : Ireo rehetra ireo dia tolokevitra avy amin'ny ligy ary izy ireo ihany no nandany azy tamin'ny alalan'ny fifidianana. Fantatra avy tamin'ny Programan'asa 2024 navoakan'ny FMBB tamin'izany fa anisan'ireo Faritra handray an'ireo fifaninanampirenena FMBB 2024 Analamanga, Bongolava, Vakinankaratra, Atsinanana, Diana, Boeny, Fitovavy, Atsimo Andrefana, Atsimo Atsinanana ary Sava. Hivoaka hiatrika hetsika iraisam-pirenena any Tunisie, Ghana, Hongrie ary any Paris ihany koa ny basikety Malagasy amin'io taona 2024 ho avy io.

***Rainilita***

### Grand Tournoi d'Analamanga 2023 kitra

# Efa fantatra ireo tafita amin'ny 1/4-dalana

Taorianan'ny fanatanterahana ny andro fahatelon'ny fifaninanana baolina kitra: "Grand Tournoi d'Analamanga 2023" dia azo ambara fa efa fantatra avokoa ireo ekipa 8, tafita hiatrika ny lalao 1/4-dalana amin'ity fifaninanana ity, na dia mbola hisy aza fanatanterahana an'ireo lalao miisa roa tara ho an'ny vondrona C sy D. Ankoatra ny ekipan'ny Disciples FC, Elgeco Plus, FC Rouge ary US Pro, izay efa azo antoka nialoha ny fahatafitan'izy ireo dia ekipa efa hafa ihany koa no nahazo tapakila hizorana amin'izany lalao ampahefa-dalana izany tamin'ny faran'ny herinandro teo dia ny CFFA, Disciples Espoir, Ajesaia ary Cosfa (Ekipa miisa 5 avy amin'ny Ligy Pro ireo tafita hifanandrina amin'ny ekipa miisa telo avy amin'ny ligim-paritra 1 ireo). Tamin'io faran'ny herinandro teo io dia mbola notohizan'ny Fc Rouge ny fahombiazana efa nasehoany, ka mbola lavony tamin'ny isa 2 noho 0 indray ny Jet Kintana rehefa nandresy ny Ajesaia Bongolava (3-0) sy ny Ac Zaza Moana Itasy ry zareo tamin'ny lalao andro voalohany, sy tamin'ny andro faharoan' ny fifanintsanam-bondrona (3-0). Norombahin'ny Cffa OPL kosa ny tapakila faharoa tao amin'ny vondrona "A", tamin'ny nandreseny ny AS Sainte-Anne (2-1) tamin'io faran'ny herinandro io. Nahazo ny fandreseny faharoa koa ny Ajesaia tamin'ny fandresena 2-0 nanoloana ny Ac Zm. Ireo vokatra hafa tamin'io faran'ny herinandro io : Fc Rouge 2 – 0 Jet kintana, Cffa 2 – 1 As Ste-Anne, Cosfa 3 – 0 Mama Fc, Disciples Fc 4 – 0 Toulon Fc, Elgeco Plus 4 – 0 Net Foot, Us Pro 5 – 1 Requin Bleu. Amin'ny asabotsy 16 sy alahady 17 desambra ho avy izao no hanatanterahina an'ireo lalao ampahefa-dalana amin'ity fifaninanana ity raha amin'ny volana janoary 2024 kosa ny lalao ankatoky ny famaranana sy ny famaranana ho hatao.

***Rainilita***

### African Schools Football Championship Boys & Girls

# Vita tamin'ny sabotsy ny antsapaka



Vita tamin'ny sabotsy 9 desambra teo, ny antsapaka nizarana an'ireo firenena handray anjara, amin'ny lalao baolina kitra "African Schools Football Championship Boys & Girls – phase zonale" eo ambany fiadidian'ny COSAFA, ka fantatra fa ao anatin'ny vondrona B no misy an'i Madagasikara araka izao antsapaka nivoaka izao : Vondrona A : Zimbabwe, Malawi, Botswana, Eswatini, Mozambique. Vondrona B : Afrique du Sud, Angola, Zambie, Namibie, Madagascar. Tsiahivina fa ny 14 ka hatramin'ny 16 desambra 2023 izao, no hotanterahina ao Harare - Zimbabwe ny fifaninanana, ka firenena iray ihany no hivoaka ho mpandresy ka afaka hiatrika ny "Phase Continentale" amin'izany.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy anana epinard, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany, na hatao ridritra ihany koa. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Ratsy ny siramamy betsaka anaty, ny fomba natoraly fanenana izany

Ratsy ny siramamy betsaka anaty, ny fomba natoraly fanenana izany indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny Siramamy dia fototr'aretina maro ho an'ny vatantsika , misy siramamy avokoa ny ankamaroan'ny sakafo fa ny karazany no samihafa.

-Raha tafahoatra izy dia mankarary :

ny ahafantarana fa be mamy loatra ao anaty dia ireto no mety hitranga: reraka tampoka, na tonga dia savolaina tsy misy hery: indrindra raha avy nihinana sakafo mamy: chocolat, paty, mofomamy, bonbon, sns… Manjavozavo ny fahitàna. Te hihinana zavatra mamy hatrany. Marary an-doha matetika. Misy manelingelina sy mavesatra anaty hatoka sy lalandràn'ny loha. Mitombo lanja: matavy tampoka. Sorena sy kizitina. Mora tohina, mora faly , mora leo. Fahasimban'ny nify. Ny diabeta dia aretina sarotra sitranina sy ela fery ny olona diabetika, ka noho izany dia ilaina ny misoroka.

Ireo sakafo manampy amin'ny fanenana ny tahan'ny siramamy anaty rà:

-dite Cannelle : ranona canelle avy nampangotrahana.

-Ranona Sakamalaho ( atao dite tsisy siramamy mazava ho azy).

-Rano mamay nasiana voasarimakirana.

-Lasopy laisoa + tongolo be + poireau. Tsy atao be sira fa afaka atao be sakamalaho sy tongolo gasy, tsy asiana menaka ( atao 3 andro raha te hihena mihitsy ).

- laoka aubergine na baranjely rony (tsy be sira ).

- Mananasy, haricot vert , brocolis, choux-fleurs ( crudité) -

- Pamplemousse , paoma.

- Mangidy ( tambavy: indray mandeha isam-bolana ihany).

Saonjo.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Ampasimadinika distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimadinika distrikan'i Vatomandry faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ampasimadinika ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Vatomandry. Vokatra any ny vary, ny mangahazo, ny katsaka, ny akondro, ny letchi, ny manga, ny ampalibe.



Distrikan'Ankazobe

# Mbola miisa 8 ireo olon-tsotra tazonin'ny dahalo an-keriny



*Ny tanànan'i Mahavelona, anisan'ny mitondra faisana amin'ny resaka fakana olona an-keriny.*

Mbola miisa 8 ireo olon-tsotra tazonin'ny dahalo an-keriny, any amin'ny distrikan'Ankazobe faritra Analamanga hatramin'ny alahady teo. Ho fikatsaham-bahaolana amin' izany resaka kidnapping izany, nidina fotony tany an-toerana ny komandin'ny Zandarimariam-pirenena ny jeneraly Andry Rakotondrazaka ny faran'ny herinandro teo. Nahazo vahana tokoa ny resaka tsy fandriampahalemana ao amin'ny distrikan'Ankazobe tato anatin'ny herinandro maromaro izay. Niverina nampitondra faisana ireo mponina ao amin'ireo kaominina ambanivohitra ao amin'ity distrika ity ny resaka fakana an-keriny. Ao anatin'ny fikarohana tanteraka ireo mpitandro filaminana amin'izao fotoana izao, ary andro aman'alina ny hetsika ataon'izy ireo ao anatin'ny distrikan'Ankazobe sy ny manodidina. Misy ny hetsika fampandrian-tany maharitra any antoerana ankehitriny entina iarovana ireo vahoaka. Niaradia taminy nandritra izany ny Jeneraly komandin'ny ZDS Ikopa avy amin'ny tafika Malagasy, ny Komandin'ny fari-piadidian' ny Zandarimaria Antananarivo ary ireo mpiaramiasa aminy akaiky. Teo ny fametrahana paikady miaraka amin'ireo Zandary sy Tafika, izay mifanome tanana amin'ity ady amin'ny tsy fandriampahalemana ao amin'ny distrikan'Ankazobe ity, namory ireo olom-panjakana ihany koa ny tenany ho amin'ny Tagnamaron'ny fandriampahalemana. Laharam-pahamehana ho azy ireo indrindra ny fanavotana ny ain'ireo takalonaina, ary indrindra ny fisamborana ireo dahalo tomponantoka amin'izany. Nojeren'ireo delegasiona notarihin'ny Komandin'ny zandarimaria manokana ny alahady teo ny kaominina ambanivohitra Mahavelona, izay isan'ny mitondra faisana amin'ity resaka fakana an-keriny ity. Niresaka mivantana tamin'ireo vahoaka ny tenany no sady nihaino ary nandray ny fitarainana sy fangatahana, mba hialàna amin'ny tsaho miparitaka amin'ny tambazotran-tserasera.

Niantso fiarahamientan'ny rehetra ny Jeneraly Rakotondrazaka Andry, hamongorana ny tsy fandriampahalemana. Mianga eny ifotony ny loharanom-baovao, ary amin'ny alalan'izany ihany no ahafahana mikaroka ny marina momba ity resaka fakana an-keriny ao Ankazobe sy ny manodidina ity hoy izy ireo.

**Niaina**

Kolontsaina

# Fantaro ny dihy « Kadrila malagasy »

Ny kadrila dia fanononana malagasy ny teny vahiny hoe « Quadrille ». Dihy fanao tao androva rehefa misy lanonan-dehibe tamin'ny andro faha Mpanjaka.

Dihin'olondroa lahy sy vavy manao andiany efatra farahafahakeliny ny « kadrila malagasy ». Manana ny hira natokana ho azy ny « kadrila malagasy », izay gadona tena malagasy ary arahin'ny tsinjaka sy ny famindra miaraka aminy.

Ankoatry ny ravaky ny dihy malagasy toy ny lantsitanana, ny tsipisandry, ny dihy soroka ary ny doladola sy ny angola dia manao kisarisary ireo andiany. Mety ahitàna endrika farimbona mifaribolana, mitanjozotra na mikilafiny na koa mifanatrika. Mifampiarahaba sy mifampitsaoka. Ny fitafy sy ny fianjaikàna dia maneho haja sy voninahitra. Ny lamba ho an'ny rehetra miampy ny taovolo ho an'ny vehivavy. Mandritry ny seho dia misy ny hira fidirana anehoan'ny mpandihy ny haingo sy ny endrika amam-bika. Misy koa ny hira fivoahana anatin'ny haravoana sy ny hafaliampo, fanehoana fanajàna sy fisaorana ihany koa. Tany ampiandohàna dia soradihy karazany 5 hatrany no aseho amin'ny kadrila miampy ny hira fidirana sy fivoahana. Taty aoriana dia afaka nodihizina tsirairay ny kadrila. Miovaova ihany koa araka ny velaran'ny efitra, ny fotoana voatokana ho azy sy ny isan'ireo mpandihy, araka izay fanirian'ny mpikarakara ny lanonana.

Marihana fa efa misy ny tarika « Kadrila malagasy » izay tarihan'ny filohany Mitantsoa Jocelyn. Rodolphe Razafindramboa no filoham-boninahitra. Tanjona ho azy ireo ny hampahafantatra sy ny hanaparitaka ny dihy « Kadrila malagasy » ho an'ireo taranaka mifandimby. Misy rahateo ny fampianarana ny « Kadrila malagasy » etsy amin 'ny LMA Ampefiloha, isaky ny sabotsy maraina. Manao antso avo ho an'ny minisitera mpiahy ny kolontsaina, araka izany, mba handray anjara mavitrika amin'ny fanampiana ny sehatrasa tahaka izao ahafahana mitahiry hatrany ny soatoavina raiketin'ireo kolontsaina toy ny dihy « kadrila malagasy ». Fitaizam-batana, saina ary fanahy feno tokoa mantsy ny dihy tahaka ny « Kadrila malagasy » koa mendrika sy rariny raha omena tolo-tanana toy ireo sehatra efa misitraka izany.

**Lalasoa Razafindrakoto**



*Dihy Kadrila Malagasy.*

Jobily 30 taona naha-mpanazatra an'i Coach Bay

# Hanomboka amin'ny 22 desambra 2023



*Coach Bayard am-perinasa.*

Hanamarika ny faha-30 taona niseharana ho mpanazatrana ny taranja basikety Razafidralambo Bayard na i « Coach Bay », izay feno 60 taona katroka ankehitriny, rehefa nanomboka nisehatra an' izany asa izany tamin'ny taona 1994. Efa nahitana ny dindon-tanany avokoa ny tao amin'ny ekipan'ny SOE « Stade Olympique de l'Emyrne », Dream Team Sc, Challenger (Antananarivo), JEA Antsirabe, Méga Informatique (Toamasina), GNBC (Antananarivo), Ascut (Toamasina), Iscam, Ucm et Inscae, MMBC, CBBT et DGI Tanà … ary ny Ankoay U18 vehivavy tamin'ny Afrobasket 2022 tany Antsirabe. Marihana fa saika efa nandalovany avokoa ireo dingana rehetra ao anatin'ny tontolon'ny basikety Malgasy, tao anatin'izay 45 taona izay (mpilalao, mpanazatra, mpampiofana, mpanetsiketsika, mpanolotsaina rafitra mpitantana basikety, filoha seksiona). Ny hetsika amin'ny fanatanterahana hetsika « Feu de Camp » (Barbecue Party) hatao eny amin'ny « Centre culturel et spirituel Antananandriana Ambohimanambola » hiarahana amin'ny artista maro, sy ireo mpanao gazety arapanatanjahantena hanombola amin'ny 4 ora amin'ny zoma 22 desambra 2023, no hanombohana an'izany fanamarihana ny jobily izany, handalo amin'ny « Gala évangélique », ho fisaorana sy fankalazana an'Andriamanitra, hiarahana amin'ny Bay & Co, Chrorale Ambanidia, Chorale Odam (Mahamasina) ary ny Chorale Fpvm (Ambohitrimanjaka) etsy amin'ny « Salle d'œuvre » ny Ekar St Joseph Mahamasina amin'ny zoma 29 desambra hanomboka amin'ny 11ora atoandro sy amin'ny fanatanterahana lalao basikety ho tanterahina ao amin'ny kianja mitafon'i Mahamasina amin'ny sabotsy 02 ka hatramin'ny talata 05 febroary 2024. Hitohy amin'ny fanatanterahana lamesa lehibe hatao amin'ny Ekar St Joseph Mahamasina ny marainan'ny sabotsy 10 febroary 2024 ary ho faranana amin'ny « Déjeuner dansant » hafanain'ny Orchestre Bay & Co Music aorianan'izany hanomboka amin'ny 12 ora antoandro.

**Rainilita**

Rugby

# Ny SCB sy FTFA ary ny Cosfa sy USCAR no hiatrika ny famaranana

Ny ekipan'ny Scb Besarety sy Ftfa Antohomadinika vehivavy ary ny Cofa Miaramila sy Uscar Commune lehilahy, no hiatrika ny lalao famaranana amin'ny fiadiana ny amboara "Coupe de Madagascar de rugby 2023". Ny Scb Besarety dia nandavo mora foana ny Rcts Soavinandrina tamin'ny 45 – 19, teo amin'ny lalao ankatoky ny famaranana notontosaina tetsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka tamin'ny alahady 10 desambra 2023 teo ary ny Ftfa Antohomadinika kosa nanilika ny Ftm Manjakaray vehivavy tamin'ny 24 – 22. Teo amin'ny sokajy lehilahy tamin'io ankatoky ny famaranana io : ny Uscar Commune nandresy ny Tam Anosibe 25 -22 ary ny Cosfa Miaramila nanilika ny Ftm Manjakaray tamin'ny 22 – 20. Votso-droa, araka izany, ny ekipan'ny Ftm Manjakaray teo amin'ity ankatoky ny famaranana 2023 ity. Afa-bela kosa ny Cosfa Miaramila lehilahy.

**Rainilita**

Yandy By Pass

# Nikorana ny tontolon'ny volleyball malagasy



*Teny amin'ny Yandy By Pass.*

Tena nikorana ara-bakiteny tokoa ny tontolon'ny mpankafy taranja volleyball, tamin'ny zoma 8 desambra 2023 teo, teny amin'ny efitrano filanonanana Yandy By-pass tamin'ilay hetsika « levée de fond » hoenti-mampiroborobo an'ity taranja ity, nokarakarain'ny FMVB «Federation Malagasy de Volley-Ball » notarihan'ny filohany, Raharimalala Léa, sy ireo mpiara-miasa aminy, ka azo ambara fa ny masoandro maty no nampalahelo. Tena nafana tanteraka ny fikoranana (fiaraha-nisakafo sy fiarahana nandihy) ary ny fisarihana tombola no natao tamin'izany, ka afa-po ny rehetra raha ny tatitra azo no tenenina. Nisy ihany koa ny fifanakalozan-kevitra samihafa natao nandritra an'ity lanonana ity, mba hahitana izay hevitra hampiroboroboana an'ity taranja ity.

**Rainilita**

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 09/12/2023 hatramin'ny 16/12/2023**

- **DE L'AVENUE** (Andohan'Analakely en bas BNI) 032 11 207 07/038 20 207 06/038 20 207 07/038 20 207 08
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 032 05 656 56/038 06 656 56
- **MAHAFALY** (Soavimasoandro près terminus bus 165 Mahatony) 034 10 937 11
- **NAMONTANA** (Namontana) 034 23 899 93
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22/ 032 62 652 55/033 33 652 55

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 076 00

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1506-12-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

FIZAHANTANY

## Nanonga ny isan'ny mpizahatany tonga oharina tamin'ny 2022

Nanonga ny isan'ny mpizahatany vahiny tonga teto amintsika tamin'ity taona 2023 ity raha oharina ny tamin'ny taona 2022, raha ny jery todika nataon'ny ao amin'ny ministeran'ny fizahantany. Miisa 205.906 ireo mpizahatany tonga teto amintsika nanomboka ny volana janoary 2023 hatramin'ny novambra 2023 lasa teo. Tanjona nambaran'ny tompon'andraikitra ny hahatratrarana mpizahantany iray tapitrisa eto Madagasikara hatramin' ny taona 2028, izany hoe afaka 5 taona. Anisan'ny mampiakatra ny isan'ireo mpizahatany tonga eto amintsika, ny fisian'ireo sambo lehibe mpitondra vahiny mpizahatany mandalo amin'ny morontsirak'i Madagasikara, indrindra tao aorian'ny valanaretina covid 19 ireny. Na izany aza, azo lazaina ho mbola tsy tena tafarina ireo mpandraharaha momba ny fizahantany eto amintsika, voa mafy tokoa izy ireo nandritra ireny valanaretina ireny, tsy nisy rahateo koa mba fanampian'ny fitondrana tamin' izany.

***Aly***




*Sambo lehibe mpitondra mpizahatany, anisan'ny nampanonga ny isan'ny vahiny tonga eto amintsika.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 453**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0452)

**Mitsivalana**
- Zanahary
- Anabavy
- Atao (miv)
- Sola (miv)
- Afofoany
- Hena – Leo (miv)
- Toy (miv) – Fo

**Mitsangana**
- Zaodahy
- Ana – Fe
- Nataony
- Aba – Vao
- Ha – Ao
- Avelao
- Ry – Feno (miv)
- Tsilo

Lavanila

## 57 ireo orinasa nahazo fankatoavana hanondrana




4 andro taorian'ny nisokafan'ny fahafahana manondrana lavanila any ivelany, vao nivoaka ny lisitr'ireo orinasa mahazo manondrana. Raha ny faran'ny herinandro lasa teo, no nanomboka tamin'ny fomba ofisialy ny fanondrana lavanila avy eto amintsika mankany ivelany, omaly alatsinainy vao nivoaka ny lisitr'ireo orinasa mpanondrana lavanila nahazo fankatoavana ho an'ny fotoam-panondranana 2023-2024. Miisa 57 izy ireo no nahafeno ny fepetra notakiana hoy ny Ministera misahana izany dia ny ministeran'ny indostria, ny varotra ary ny fanjifana. Anisan'ny masontsivana ny maha ara-dalàna azy ireo ny fandoavan-ketra eto an-toerana, sy ny famerenana vola vahiny avy tamin'ny fanondranana nataony teo aloha.

***Aly***

NY VALOSOA VAOVAO
Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra Tel. 034 79 076 00

### TENY MIFANAPAKA N° 453



**Mitsivalana**

**1.** Vola na zavatra fanampiana **2.** Tovona (miv) – Naoty – ao amin'ny vava (miv) **3.** Nanorona, nanarina **4.** Ao amin'ny voly – Isa omena (miv) **5.** Bibikely (BR) – Lavitra hita maso – Kianteny (miv) **6.** Milaza fananana – Ino ? **7.** Hatsiaka – Atsahatra **8.** Hita amin'ny fery (miv) – Aminy **9.** Sakaiza – Valizy vy (BR) **10.** Matoanteny – Tiana, ilaina

**Mitsangana**

**A.** Fivononana amin'izay atao **B.** Hazandrano – Hita ao amin'ny daty **D.** Vola raisina isam-bolana **E.** Biby fiompy – Mpisolo tena **F.** Mitango zava-maniry – Anaty rano **G.** Ao an-damosinay **H.** Mitsinjara mitovy **I.** Tsy mazava (BR) – Misy seranana (miv) **J.** Reny, Mama (BR) – Nandatsaka aina (miv) **K.** Raisina – Taova (miv)

### Valiny Teny mifanaraka 0452

**Mitsivalana**

**1.** Mifaniraka **2.** Aty - Zanaka (miv) **3.** Nifanaraka **4.** Aloka **5.** Nalamina **6.** Iry - Azia **7.** Aiza - Osy **8.** Miainga (miv) - La (miv) **9.** Noa - Ntaolo **10.** Ny (miv) - Rà - Ilo

**Mitsangana**

**A** Manahirana **B.** Ity - Ar - Gon(y) **D.** Fifaliana **E.** Ala - II **F.** Nanomezana **G.** Ikaky - Tia (miv) **H.** Raràna - May **I.** Ana - Azo - Lo (miv) **J.** Kaki - Isalo **K.** Aza - Mailo

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Ny Valosoa, LB

Nihetsika ireo Malagasy any Frantsa manohitra ny fifidianana natao amboletra teto Madagasikara, sy manohitra ny filoha vazaha taratasy.













Ny depiote voafidy tany Arivonimamo avy amin'ny antoko TIM, Rodin Rakotomanjato, nanolotra dabilio ho an'ireo sekoly EPP ao amin'ny Zap Ambatomirahavavy faritra Itasy.





Ny fanaovam-beloma farany ny nofo mangatsiakan'i Randriamiarana Jean de la Croix na i Delacre tao amin'ny tarika Black Jacks omaly. Tao amin'ny EKAR Saint François Xavier Antanimena sy ny nametrahana azy teny amin'ny fasan-drazany, teny Soavina Analapanga Atsimondrano. Mandria am-piadanana Delacre.



